Facebook 3
**MIAMI : Miala i Andry sy i Mialy**

Fitsarana miaramila 6
**Hofaranana eto Antananarivo ny 10 ka hatramin'ny 16 oktobra**


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Alakamisy 6 oktobra 2022 Laharana 1353 Vidiny : **600 Ar**

www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto


Hafatr'i Malama talohan' ny nidirany am-ponja 3
**Tsy manaiky ny famonoana sy fanandevozana ny Malagasy**

Faha- 20 taonan'ny Antoko TIM 2

## Toamasina indray no handray ny fankalazana ny sabotsy izao



Nosy-Be 2

## Mitohy ny fampijalian'ny fitondrana Rajoelina an'i Ninie Donia



Tsy fanaovana fikaonandoha 3

## Matahotra fifidianana madio ry Rajoelina



Fikitihana ny ao amin'ny Rova 2

## Tezitra amin-dry Rajoelina sy ry Lalatiana ny Andriana



Miha-simba ny fiarahamonina 6
**Ankizilahy 15 sy 16 taona nanolana ankizivavy 12 taona**

Foot à 7 Ambohitrolomahitsy 5
**Vita ny alahady teo ireo lalao 1/2-dalana**

Daka kely

Omena medaly volamena amin'ny fandaingana mihitsy ialahy ry Boaikely a !

FAHA- 20 TAONAN'NY ANTOKO TIM

# Toamasina indray no handray ny fankalazana ny sabotsy izao

Raikitra amin'ny Sabotsy 08 Oktobra 2022 ho avy izao ny fanamarihana ny faha-20 taonan'ny Antoko Tiako i Madagasikara (TIM), any Toamasina no hanantontosana izany, hisy fampirantiana sy fihaonan'ireo mpikambana tafiditra ao anatin'ny fame-lomamaso ny antoko izany.
Marihina fa i Toamasina dia manana ny lanjany eto amin'ny firenena, satria any no misy ny seranantsambo lehibe indrindra eto Madagasikara, ny Filoha Marc Ravalomanana fony mbola teo amin'ny fitondrana dia nametraka fanamby, fa i Toamasina no tokony ho renivohitra ara-toekarena eto Madagasikara, ary efa nizotra tamin'izany ny toedraharaha, saingy noho ny fandrobana fahefana nataon-dRajoelina sy ny forongony tamin'ny taona 2009 dia tsy tratra ny tanjona. Ny tena mampalahelo aza dia anisan'ireo tanàn-dehibe misedra fahasahiranana ny renivohitry ny faritra Atsinanana ankehitriny eo amin'ny fihariana , kanefa dia manana vahoaka mavitrika. Manjaka ihany koa ny tsy fandriampahalemana any an-toerana, izay misy fiantraikany ratsy amin'ny fizahantany izany. Ingahy Filoha amperinasa Andry Rajoelina moa dia iny nivadi-dela iny indray nanova ny hevitry ny'' Miami'' izay nidedahany tamin'ny fampielezankevitra. Tena hatao toy ny




Miami any Etazonia mihitsy no noresahany tamin'ny propagandy. Fa ny Antoko Tiako i Madagasikara kosa dia azo antoka, fa tsy maintsy hiezaka hihaino ny hetahetan'ny vahoakan'i Toamasina ary mbola vonona hametraka hatrany ny fanamby tsy haharesy tondromaso ny vahoakan'ny renivohitry ny Betsimisaraka mitaha amin'ireo vahoaka manerana an'i Madagasikara.

***Ny Valosoa***

Fikitihana indray ny ao amin'ny Rova .

# Tezitra amin-dry Rajoelina sy ry Lalatiana ny Andriana

Fikitikitihana sy fanarenana ny ao amin'ny Rovan'i Manjakamiadana, tezitra amin-dry Rajoelina sy ry Lalatiana indray ny Andriana. Tamin'ny fanaovana ny Colisée no efa tezitra tamin'ny ekipan-dRajoelina, sy ny ekipan'ny ministra Lalatiana ireo taranak'Andriana eto amintsika, satria fanotana fady no nataon'ny fitondrana. Mbola fanotana fady ihany koa no misy amin'izao fotoana ao Anatirova, satria tadiavin'ny fitondrana hatao trano vato ny Tranovola, izay trano vita tamin'ny hazo manokana manana ny mahaizy azy. Nanambara ny mpandrindra ny AAM: Antenimieran'ny Andriana Merina, Rason Rajaoson, fa tsy tompon'antoka amin'



*Ny mpandrindra ny AAM.*

ny zavatra mety hitranga ao amin'ny Rova izy ireo. Nambarany fa: "ny tenako dia nantsoin'ny tale jeneralin'ny ministeran'ny kolontsaina sy ny serasera, Razafiarison Francis na Francis Turbo, fanazavana izay zavatra efa tapaky ny fitondrana sy ny ministera no natao taminay tamin'izany. Sarotra aminay ny hanome izany tsodrano nangatahin'izy ireo izany, amin'ny fomba ahoana no hanomezana tsodrano zavatra tsy fantatrao akory ny votoantony, no tsy nisy akory fifampidinihana, eny fa na dia fanazavana aza tsy nisy. Na ny fomba natao teny amin'ny Rova aza dia tsy nisy olona fantatray akory ireo nanatrika teny, tsara noho izany ny manitsy fa tsy nisy na iray aza tato amin'ny Antenimieran'ny Andriana Merina, izay tarihin'i Profesora Ranjeva ny fanatrehana nisy teny. Ka noho izany disoinay ny filazana fa nanome tsodrano izahay ary ampahafantarinay ihany koa, fa tsy tompon'antoka amin'izay zavatra mety hitranga ao Anatirova hatrany ampiandohana, ka hatramin' izao ny eto anivon'ny Antenimieran'ny Andriana Merina na ny AAM," hoy izy.

***Niaina***

Hafatr'i Malama talohan'ny nidirany am-ponja

# Tsy manaiky ny famonoana sy fanandevozana ny Malagasy

Nisy ny taratasy nosoratan'i Malama na Mahery Lanto Manandafy, mialohan'ny nandehanany teny amin'ny sampana cybercriminalite na sampana miady amin'ny heloka anbabaka teny amin'ny Pôlisy Anosy tamin'ny alakamisy lasa teo, izay andro nandraisany ny taratasy fampiantsona azy. Novakian'ny vadiny, Doris Rakoto Samuel izany, nandritra ny fandaharana nanasana ity vadin'i Malama ity tamin'ny fahitalavitra tsy miankina iray afak' omaly. Nanambara i Mahery Lanto Manandafy tao anatin'izany fa: "hafatra raha sendra ka ...
Hafatro ho an'ny vahoa-ka: aza kivy, mitrakà, fa adidy masina ity. Matoa nataoko sy nijoroako dia efa vonona hizaka ny vokany aho,



*Malama, na Mahery Lanto Manandafy.*

matoa io nataoko dia ny tanjona dia ny fanatsarana an'i Madagasikara.
Tsy hanaiky isika ny:
-famonoana ny Malagasy,
-fanandevozana ny Malagasy,
Hafatra ho an'ny mpitondra: tadidio fa kodiarantsarety ny fiainana, vonona aho, ary ianareo ve vonona koa?
Fantatro ny fara-fahefanareo: fanagadrana. Fa tsy fantatrareo ny fara fahefan'ny vahoaka romotra.
Ho anareo vady aman-janako, mahatokisa ary aza matahotra fa mbola ho avy ilay maraina. Ndao," hoy ny fanambarany.
Ny antony namonjana azy tamin'ity indray mitoraka ity dia voalaza fa resaka fanalam-baraka vazaha iray, nambaran'i Mahery Lanto fa mpamatsy bala ny dahalo sy ny jiolahy ary ny olon-dratsy eto amintsika ity vazaha ity ary olona ao amin'ny fiadidiana ny Repoblika no miara-miasa amin'ity vahiny ity amin'izany. Hatreto anefa, mbola tsy nisy fanadihadiana na famotorana natao tamin'io vazaha io sy ilay olona ao amin'ny Prezidansa miaramiasa aminy. Heverina fa miasa mangina ny Bianco mijery ihany koa izany raharaha izany, fa tsy hanao mizana tsindrin'ila.

***Nangonin'Isambilo***

*Ny Valosoa sy fakafaka*

3 volana farany amin'ity taona ity

## Ho volan-kankafotra ny zava-misy iainan'ny vahoaka

Miditra amin'ny telovolana farany amin'ity taona diavina ity isika ankehitriny, ary misy aza efa manatsidika sahady ny resaka faran'ny taona. Fitadiavam-bola ho an'ny sasany mpandraharaha amin'ny fety aman-danonana, sy ny renty amankaingo mifandraika amin'izany. Ho an'ny sarambabem-bahoaka kosa dia ho fidirana indray amin'ny fahasahiranana sy halafosam-piainana izany. Vao tamin'ny volana nivalona lasa teo anefa no niàla tamin'ny nanahirana mafy amin'ny fampidirana any an-tsekoly an-janany ireo ray aman-dreny marobe. Raha bangoina ny zava-nisy tao anatin'izany, dia tsy hita izay nataon'ny fitondrana ho azy ho fanamaivana ny olan'izy ireo. Miàla an'Ankatso ve izany dia Ambohidempona no miandry ny vahoaka. Vahoalana entin'ny fitondrana tsy misy antenaina eo anatrehan'izany, fa zarany aza nahatafita ny volana lasa ary miditra amin'ny vaovao manaraka toy izao indray. Ny paik'adin'ny fitondrana sisa dia hanao izay hahavery dia ny maro amin'ny fihetsiketsehana samihafa izay azony atao. Anisan'ny heveriny amin'izany ny fanatanterahana ny fandaharan'asan'ny fisandratan'i Madagasikara, izay kasaina hatao amin'ny faramparan'ny volana izao. Fandaharanasa izay efa tara be ihany, satria efa taloha tany am-piandohan'izao fitondrana izao, no nidedahana be ery fa hoentiny hampandrosoana haingana ao anaty taona vitsy monja ny firenena. Iaraha-mahita sy miaina tsara anefa izao ny zavamisy. Midika ho tsy fahombiazana tsotra izao eo amin'ny seha-pitantanana izany. Efa fantatry ny mpanara-baovao ihany koa fa hisy indray ny fampanantenana be ambara sy fanindrahindrana amin'io fotoana io, izay efa horonan-tsarimihetsika mpiseho tato anatin'ny efa-taona latsaka amin'ny fe-potoana iasany. Ho fanarian-dia sy hisy paik'ady politika miharo famitahana ao anatin'io andro io.
Sarotra ny isian'ny fanantenana fahatsaram-piainana ho an'ny tokantrano maro miafara amin'izao telovolana farany izao eto amin'ny firenena. Ho avy indray koa ny mety ho olana hafa amin'ny manaraka raha ny nambaran'ny mpamantatra ny toetrandro vao tsy ela izay. Dia efa ao an-tsain'ny mpanarabaovao indray koa sahady ny amin'ny hoe: ailika amin'izany indray ve ny tsy fahombiazana.

***Sôh'son***

Nosy-Be

# Mitohy ny fampijalian'ny fitondrana Rajoelina an'i Ninie Donia

Mitohy hatrany amin'izao fotoana ny fampijaliana ataon'ny fitondrana Rajoelina an'i Ninie Donia, izay nogadrain'izao fitondrana izao, nolazainy fa ao anatina fikambananjiolahy, nefa niaro ny tanin'ireo vahoaka madinika tsy ho lasan'ny vahiny any Nosy-Be faritra Diana, ity mpanakanto sady mpanao politika ity sy ireo namany. Famonjana tsy ara-drariny ny ataon'ny fitondrana aminy. Marary efa andro maro i Ninie, nangataka fahafahana vonjy maika na LP izy sy ireo namany miisa 13 , tsy mbola nahazo izany hatramin'izao anefa, raha tokony ho nivoaka omaly ny valin'izany fangatahana LP izany dia tsy nivoaka indray izy ireo, fa araka ny vaovao voaray dia nisy ny tsindry avy any ambony. Tsy vitan'izany fa mbola nandefasana mpanao famotorana indray izy tany amin'ny Hopitaly, kanefa mbola marary tsy afaka hamaly ireo mpanadihady. Mitohy foana arak' izany ny antsojay sy ny fampihorohoroana ary ny fampijaliana ara-tsaina sy ara-batana ataon'ny fitondrana Rajoelina an'i Ninie Donia.

***Ny Valosoa***

## Ny Valosoa sy hadihady

### Tsy fanaovana fikaonandoham-pirenena

# Matahotra fifidianana madio ry Rajoelina

Ny fifidianana ihany no fomba ahazoana ny fitondrana ho an'ny tany mandala ny rafitra Repoblikana, tsy mahagaga raha samy manao izay fomba handresena amin'ny latsabato ny ankolafinkery politika samihafa eto amin'ny firenena.
Ho an'ny mpanohitra, indrindra fa ny Antoko Tiako i Madagasikara (TIM) dia takian'izy ireo hatrany ny fanaovana ny ''fihaonambempirenena'' hahafahana mametraka ny fitsipi-dalao mazava sy hifanarahana hahatongavana amin'ny fifidianana madio sady mangarahara tanteraka .
Ho an'ireo miandany amin'ny fitondrana amin'izao fotoana izao indray dia alavirin'izy ireo toy ny mandalo fasambao ny fanatanterahana ilay ''fihaonambempirenena '', satria matahotra mafy ny fahadiovan'ny fifidianana ry zareo ireo, satria efa zatra nivelona tamin'ny hoso-pifidianana.
Ny tena fositra mampahazo vahana ireo zatra halabato dia ny fihetsik'ireo tompon'andraikitra eto amin' ny firenena izay manome vahana ny mpanitsakitsaka ny lalàna , porofo mitohoka amin'ny tendany ny tsy namerenana ny fifidianana ben'ny tanàna izay nahitana tsy fahatomombanana, izay azo lazaina ho famerezan-jo ireo vahoaka mponina any amin'ireny kaomina tsy manana ben'ny tanàna ireny, raha mandala ny rafitra repoblikana ny mpitondra dia tokony ho laharampahamehana ny famerenana ny fifidianana, saingy tsy izany ny zavamisy, fa ny lalàna momba ny taksimoto efa tsy lany indroa no atao totondrony bory , tsy maintsy laniana, dia misy tokoa ireo mpanolotsainan'ny tanàna lany henatra mandany izany.
Raha ny tokony ho izy dia mendrika saziana ireo vato misakana tsy nahafahana nanatontosana ny famerenana ireo fifidianana tokony natao, kanefa iarahamahalala ny zava-misy eto amin'ny firenena, sady iza ihany koa no sahy hitory? satria maro ireo matahotra ny hoe raha mamono biby tsy mahafaty dia mety ifoteran'ny rambony, ary raha vao raharaha manohintohina ny fitondrana dia haingampiasa ny fitsarana, fa raha fitoriana ny tsy mety ataon'ny fitondrana indray dia very anjavony.
Raha dinihina sy fakafakaina amin'ny saina tony dia efa vizana tanteraka ny fitondrana Rajoelina, tapidalan-kaleha ary efa miredIredy sisa sady tsy menatra akory manova ny famaritana ny ''Miami'' izay efa endriky ny faharesena izany. Ankoatr'izay ny hevitra afafy anapempoana ny vahoaka tsy hifidy ny hoe: ''Rajoelina hono tsy maintsy lany'', kanefa tsy ampalaikomana ny vahoaka efa leon'ny abobo izany, fa ny masaka ao antsain'ny olompirenena sahy mijoro dia tsotra sady mazava, izany Rajoelina izany tsy ho lany intsony na hangalatra aza satria ny adala no voafitaka indroa ary ny vahoaka malagasy dia efa hendry sady kinga.

***Ny Valosoa***

**ETAZONIA**

# Nanampy drafitra fampiasana ny tany hanatsarana fivelomana

Nanohana drafitra fampiasana ny tany hanatsarana ny fivelomana sy hiarovana ny tontolo iainana eto Madagasikara i Etazonia. Mponina miisa 11.000, izay monina manodidina ny faritra arovana no hisitraka izany. Nandritra ny lanonana natao afak'omaly tany amin'ny Lalamben'ny Baobab izay fanta-daza any Morondava faritra Menabe, ny Ambasadaoro amerikanina Claire A. Pierangelo dia nanatevin-daharana ny solontenan'ireo Minisiteran'ny Fanajariana ny Tany, ny Tontolo Iainana ary ny Fampandrosoana Lovainjafy, ary koa ireo mpiara-miombon'antoka hafa, tamin'ny fanolorana drafitra fampiasana tany ho an'ny kaominina miisa 8 ao amin'ny Distrikan'i Morondava. Ireo drafitra natolotra ireo, izay notohanan'ny governemanta amerikana, dia sarintany mandrafitra ny fampiasana sy ny fitantanana ny tany manodidina ny faritra arovana ao Menabe Antimena sy Kirindy Mitea, ka hisorohana ny faharavan' ny ala arovana, sady mandrisika ny fampandrosoana ara-toekarena eo anivon'ny faritra. Nandray anjara tamin'ny famolavolana ireo sarintany ireo, ny vondrom-piarahamonina manodidina ny faritra arovana sy Kirindy Mitea. Ny tetikasa Hay Tao sy Mikajy tohanan'ny Sampandraharaha Amerikana misahana ny Fampandrosoana Iraisampirenena (USAID) dia nanohana ara-bola sy ara-teknika tamin'ny fanofanana ireo mpandray anjara amin'ny famolavolana ireo sarintany manan-danja ireo; ka ho antoky ny fampandrosoana ara-toekarena lovainjafy sy ny fiarovana ny tontolo iainana sy ny zavamanaina eo an-toerana. Tao anatin'ny folo taona izay dia tsy nitsahamitombo ny isan'ireo vondrom-piarahamonina avy any atsimon'ny nosy nitsoa-ponena vokatry ny haintany sy nifindra monina manodidina ny faritra arovana. Ireo drafitra vaovao ireo dia manazava ny toerana honenan'ny mpifindra monina sy ny vondrom-piarahamonina efa teo hatrizay ary ny toerana hahafahan'izy ireo mamboly sy miompy ary mivelona. Ireo sarintany ireo ihany koa dia mamaritra ny sisin-tany ofisialin'ny faritra arovana, ary mamaritra ny hetsika azon'ny vondrom-piarahamonina atao mba hahazoana antoka fa mampiasa ny harena voajanahary amin'ny taniny amin' ny fomba maharitra izy ireo mba hampitomboana ny tombontsoa ara-toekarena azony.




*Ny Ambasadaoron'i Etazonia sy ben'ny tanàna avy amina kaominina, anisan'ny nahazo fanampiana tamin'ny Amerikana.*

**Fonenan'ireo karazam-biby**

Ny faritra arovana ao Menabe Antimena dia fonenan'ireo karazam-biby tsy manam-paharoa sy eto Madagasikara ihany no ahitana azy, anisan'izany ny gidron'i Madame Berthe – izay karazan-gidro kely indrindra eto an-tany. Na dia eo aza ny fahasamihafan'ny zavamananaina tsy manam-paharoa ao amin'ilay faritra, dia maro ny olana sedrainy, ary anisan'izany ny fandripahana ala noho ny fambolena katsaka tsy ara-dalàna, sy ny fanapahana tsy aradalàna ny hazo sarobidy izay manimba ny fiarahamonina eo an-toerana izay mivelona amin'ny ala. Amin'ny alalan'ireo drafitra fampiasana tany vaovao ireo, dia maro amin' ireo mpifindra monina sy ireo vondrom-piarahamonina efa teo hatrizay no hanana safidy ara-dalàna hahafahan'izy ireo mamelona ny fianakaviany. "Ireo drafitra ireo dia natao ho fanampiana ny mponin'i Menabe hivoatra ara-toekarena sady hiaro ihany koa ity tontolo tsy manam-paharoa sy tsy fahita firy ity, ho an'ny taranaka sy ny vahoakan'i Madagasikara ary izao tontolo izao", hoy ny Ambasadaoro Pierangelo. "Amin' ny alàlan' ny famaritana mazava tsara ny sisintany eo anelanelan'ny tanàna sy ny faritra arovana, dia afaka mampiasa tsara ny tany voafetra misy ny vondrom-piarahamonina." I Etazonia dia miara-dalana amin' i Madagasikara toy ny mpirahalahy mianala, mba hanampy amin' ny fiarovana ny zavamananaina ao amin'ny firenena. Nanomboka tamin' ny taona 2013, ny USAID dia nanolotra programa maherin' ny 60 tapitrisa dolara izay mampiroborobo ny fampandrosoana lovainjafy, manatsara ny fiveloman' ny vondrom-piarahamonina eny ifotony, manamafy ny fitan- tanana ny harena voajanahary, manamafy ny hetsika fampitsaharana ny fanondranana biby antsokosoko, ary miaro tany an'arivony hektara amin'ny fitrandrahana tsy ara-dalàna.

***Isambilo***

facebook NY VALOSOA VAOVAO

## MIAMI: Miala i Andry sy i Mialy



**Haga Razafison:** hitako ny tena dikan'ilay MIAMI mahabe resaka. MIAMI= Miala i Andry sy i Mialy.
**Arphine Rahelisoa Helisoa :** iza ndray no hamono afo amin'lay Miami, sa mbola miandry baiko miaraka aloha, alefa a! Omaly mantsy mbola nangina
**Ranaivorazo Feno :** Tintin sa Milou ?
**Tilka Amb'ro :** Dadan'i Jemima efa mandefa ao.
**Mirindrasoa Mbolatiana Rahantamanana :** ny andrasako Zao ny dikan' Ilay hoe PARIS Ambatondrazaka, Rome Antananarivo.
**Hany Andri :** efa nisy namana nanome soupapa PAS RIZ kkkk!
**Mirindrasoa Mbolatiana Rahantamanana :** Hany **Andri :** toran' ny fimehezana za !
**Jocelyn Falson :** izahay VMF Vondron'olona Miaro ny Fitondrana Ankehitriny eto Madagasikara tompoko vonona tanteraka raha Misy Rano avy any aminareo Tim.
**Arphine Rahelisoa Helisoa :** tena mety tokoa ilay hoe MIAMI= Miala i Andry sy i Mialy. Ny olam-bahoaka fototra tsy voavahan'izy ireo mihitsy, fa ny lainga no tena fomba itondrany.
**Fameno Stephanie Tsizaraina :** mbola miandry phrase fa tsy azo atao ny manaonao foana ho an'ireo compte fako mpanohana fitondrana.
**Hany Andri :** mbola mivory any @anjely klou ry mpamono afon'ny fitondrana momba ny Miami. Zany no tena hoe, tsy menatra mivadi-dela fotsiny izao ilay Rajoelina.
**Martial Tovonirina :** I Mialy ihany no Rajoelina, ny dikany Miami= miala i Andry sy i Mialy, na hoe : miala Rajoelina sy Mialy.
**Mamiseheno Raoelison :** hihihi ! miandry ny tv plus ry madmax an ! Io tv io koa no lasa ho toy ny TVM sy Viva amin'izao fotoana.
**Rivo Andriamanalina :** ny olona noana no manao MIAM MIAM ...
**Domoina Ramananavalona :** hoatran' ireo zazakely manao tantara ny fomba fitondran-dRajoelina sy ny ekipany ny firenena . Tsy sarotra ny milavolefona rehefa tsy hay ilay IZY , fa ilay mamitaka sy mandainga amiko tsy mety loatra.

## TONONKALO

## ANDRON`NY MPAMPIANATRA MPANABE (05-10-22)

Andronao ve ry mpampianatra dia hazakazaka no omanina,
Sa dia tena tsisy hafitsoka ny minisitra mpiahy ?
Ny hany andrasanay dia tsotra : ny mba hizaràna hanina,
F`efa maina ny mpampianatra na ny vavy na ny lahy !

Azo an-tsaina fa kabary tsy hahasarika mihitsy
No anasana ireo mpampianatra efa tratry ny krizy,
Ka ny avy amin`ny tsy miankina dia inoana fa ho vitsy,
Fa aleony ihany aloha manao izay hampahay ny ankizy !

Andronao ve ry mpampianatra dia hazakazaka no omanina,
Nefa ianao efa mahantra mila tsy hahajoro intsony ?
Sa ny maha-ianao anao no efa tena hamaivanina,
Fa ianao dia tsisy vidiny amin`ireo mpitondra ambony ?

...Nefa ireo mpitondra ve dia mety ho tonga eny amin`ny avo
Raha tsy nisy ireo mpampianatra nanome fahalalana ?
Sa dia tongatonga ho azy ireo mitonona ho "favo"
Ka manao izay tiany hatao sy mampiseho ny hadalana ?

***DADAN`i ZINA (04-10-22)***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Navalona, Helisoa

**Ny filohan'ny Jeune TIM Ambohitrolomahitsy Randriamparany Jean Bosco, sy ireo tanora mpanao baolina kitra any Ambohitrolomahitsy Manjakandriana, tafakatra tamin'ny lalao ankatoky ny famaranan'ny fifaninanana karakarainy.**







Ny mpandrindra ny AAM, na Antenimieran'ny Andriana Merina.



Ny ota fady, misy ao amin'ny Rovan'i Manjakamiadana indray amin'izao fotoana.





Fivorian'ny Vehivavy TIM Analamanga tetsy Bel'Air, hisoratra anarana amin'ny lisi-pifidianana izy ireo, ary hanentana ny olona hisoratra anarana amin'izany fanavaozana faobe ny lisi-pifidianana izany koa.





## NY TENY FIAINANA

*[Ny nanosorana an'i Davida ho mpanjakan'i Israely rehetra, sy ny nahazoany an'i Jerosalema ho renivohitry ny fanjakany] Dia tonga tao amin'i Davida tao Hebrona ny firenen'Isiraely rehetra ka nanao hoe: Indreto izahay, fa taolanao sy nofonao.*
***II Samoela 5 : 1***

### CAN Beach Soccer Mozambique 2022

## Mpilalao 20 isa no nantsoin'i Solofo mpanazatra

Fantatra fa mpilalao miisa 20, no nantsoin'ny mpanazatra Ramarolahy Solofo, hiatrika ny fampiondronana hanomanana ny fifaninanana CAN Beach Soccer 2022, ho tanterahina amin'ny 21 ka hatramin'ny 28 ôktôbra 2022 ho avy izao atsy Mozambika. Amin'izy 20 miralahy ireo no hifantenana ny 12 handeha ho any Mozambika. Ireo mpilalao 20 : Mpiandry harato : Rafalimanana Jhorialy, Rakotomalala Honoré, Raharisoa Jacques, Fiadanana Mario Gomez. Vodilaharana : Mamy Domona Fabrice, Rakotomalala Orlando, Fahad Chocry, Richar Marcel, Fidison Camara, Raharison Fernando dit Dada. Irakiraka : Razafimandimby Ymelda, Tokindrainy Francegal, Fofo Alexandre, Rasolomandimby Bernardin, Rafanomezantsoa Elias Andreo. Lohalaharana : Endiel Régis, Razzafimahatratra Flavien, Rafidison Aimé dit Pako, Rakotoson Anderson, Jindy Joel. Tsiahivina fa ao amin'ny vondrona B no misy an' i Madagasikara, ka i Egypta no hifandona aminy voalohany amin'ny sabotsy 22 oktobra 2022 ho avy izao hanomboka amin'ny 3 ora sy sasany.

***Rainilita***


*Ramarolahy Solofo, mpanazatra ny Barea Beach Soccer.*

### Fifanintsanana amboaran'ny CAF

## Vonona ny Elegeco Plus Madagasikara

Efa tena vonona ankehitriny ny ekipan'ny Elgeco Plus Madagasikara, hiatrika ny fihodinana faharoa (lalao mandroso), amin'ny fifanintsanana baolina kitra « Coupe de la Conféderation CAF », izay ho tontosaina etsy amin'ny kianjan'i Mahamasina amin'ny alahady 9 ôktôbra 2022 ho avy izao, hanomboka amin'ny 4 ora hariva. Hifanandrina aminy amin'izany ny ekipan'ny Marumo Gallants FC Afrika Atsimo. Nomarihan'ny tompon'andraikitry ny lalao, fa efa hamidy dieny izao ao amin'ny www.ticketplace.io ny tapakila fidirana amin'ity lalao ity, ka ny Gradin dia 5000 Ar, ny Tribune dia 10.000 Ar ary ny VIP dia 20.000 Ar.

***Rainilita***



*Elgeco Plus vs Marumo Gallants.*

### Barea Chan 2022

## Hiaka-tsehatra ny 15 sy 19 ary 23 janoary 2023


*Barea Chan 2022.*

Amin'ny alahady 15 janoary 2023 ho avy izao amin'ny 8 ora alina (20 h) any Constantine, no hiatrika voalohany ny ekipam-pirenen' Ghana ny Barea 2 Malagasy ao amin'ny vondrona C misy azy, eo amin'ny fifaninanana Chan Algérie 2022. Amin'ny alakamisy 19 janoary 2023 amin'ny 5 ora hariva (17 h) kosa, mbola any Constantine Algerie hatrany no hifanandrina indray amin'i Maroc izy ireo. Farany amin'ny alatsinainy 23 janoavy 2023 amin'ny 8 ora alina (20 h), no hifampitady amin'ny ekipam-pirenen'i Soudan, mbola any Constantine hatrany.

***Rainilita***

### Foot à 7 lahy sy vavy Ambohitrolomahitsy

## Vita ny alahady teo ireo lalao ankatoky ny famaranana

Lalao baolina kitra lalaovin'olona 7 na foot à 7, tany Ambohitrolomahitsy distrikan'i Manjakandriana, vita ny alahady lasa teo, ireo lalao ankatoky ny famaranana, lalao natao tany amin'ny Kianjan'ny fokontany Analamanjaka. Mpikarakara izany hetsika izany ny filohan'ny Jeune TIM Ambohitrolomahitsy Randriamparany Jean Bosco.
Ireo ekipa niatrika ny ½-dalana tamin'izany:

Ekipa vehivavy:

1: FC AMBOHITROLOMAHITSY # AIGLE NOIR MAROARY.
Ny FC AMBOHITROLOMAHITSY no nivoaka pandresy tamin'ny isa 4-1.
2: FC SABOTSY # FC ANALAMANJAKA.
FC SABOTSY no nivoaka mpandresy tamin'ny isa 3-1.

Ekipa lehilahy:

1: FC SABOTSY ZANDRINY# AIGLE NOIR MAROARY.
Ny AIGLE NOIR MAROARY no nivoaka mpandresy tamin'ny isa 3-2.
2: FC ANALAMANJAKA # FC SABOTSY ZOKINY.
Ny FC SABOTSY ZOKINY no nivoaka mpandresy tamin'ny isa 1-0.
Ho fantatra amin'ny fotoana manaraka ireo lalao famaranana.
Ny Loka ho zaraina amin'izany dia omby iray (01) Sy ondry roa (2).
Mbola hisy koa ny lalao fiadiana ny laharana Fahatelo sy fahaefatra ho an'ny Ekipa LEHILAHY sy VEHIVAVY ireo. Filamatry ny mpikarakara amin'ny fitaizana ara-panatanjahantena ireo tanora any an-toerana izao ny hoe:" Tiako NY TANINDRAZAKO, TIAKO AMBOHITROLOMAHITSY."

***Lita***

## Sakafo Ny Valosoa



**Henakisoa sy poireaux** indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Atao ritra izany, na atao ketsaketsa koa. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

## Ny soa azo amin'ny voaloboka maina na raisin sec

Ny soa azo avy amin'ny voaloboka maina, na raisin sec indray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany.
Miaro amin'ny fahanteran'ny sela izy, miady amin'ny fanaintainana. Manampy amin'ny fandevonan-kanina. Azo ampiasaina raha mitohana. Tsara ho an'ny maso. Tsara ho an'ny olona manana tosi- drà avo. Manamafy ny taolana. Manala tavy , tsara ho an'ny olona manena vatana. Mampatanjaka ny hery fiarovana. Misy fern a vy tsara ho an'ny olona tsy ampy rà. Manala rivotra amin'ny kibo sy vavony. Tsara ho an'ny olona marary vavony: maha stable PH acide gastrique.
Mahatsara sy manamafy nify , miaro aminy fahapotehan'ny nify.
Tsara ho an'ny lehilahy manana olana amin'ny taovam-pananahana (maty filahiana ).
Tsara ho an'ny olona mitady zaza , tsy miteraka na vehivavy na lehilahy.
Tsara ho an'ny volo sy ny hoditra.
Mampidina tahana cholesterol sy triglycerides.
Tsara ho an'ny fo sy ny lalan-drà.



## NY VALOSOA sy Mahaliana

## Ny tanànan'Ampasimaneva any amin'ny distrikan'Anosibe An'Ala faritra Alaotra Mangoro

Ny tanànan'Ampasimaneva any amin'ny distrikan'Anosibe An'Ala faritra Alaotra Mangoro indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Ampasimaneva ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 9 mandrafitra ny distrikan'Anosibe An'Ala. Anisan'ny tanàna mitoka-monina any amin'ny faritra Alaotra Mangoro izy, satria ratsy ny lalana mankany Ampasimaneva, na ny mampitohy azy amin'ny kaominina hafa, na ny mampitohy azy amin'ny renivohitry ny distrika. Vokatra any ny vary, ny voankazo isankarazany toy ny akondro, ny letchi,… eo koa ny vokatra fanondrana toy ny kafe.



FITSARANA MIARAMILA

# Hofaranana eto Antananarivo ny 10 ka hatramin'ny 16 oktobra

Ho faranana eto Antananarivo amin'ny herinandro ho avy io ny fitsarana miaramila eto Madagasikara amin'ity taona 2022 ity. Rehefa nahavita ny fitsarana miaramila tany amin'ireo faritra manerana ny Nosy ny ekipan'ny DSNGR tarihin'ny Jeneraly SOLONIRINA Roger dia hamarana izany eto Antananarivo, ho fitsinjovana ireo izay tsy nahatratra izany ny volana Jolay lasa teo. Eny amin'ny kianjan'i Betongolo, no hanaovana izany ny 10 ka hatramin'ny 16 Oktobra: amin'ny 6 ora sy sasany maraina hatramin'ny 2 ora sy sasany tolakandro. Ny alahady kosa dia hifarana amin'ny 10 ora sy sasany izany fitsarana miaramila an'ireo zatovolahy sy zatovovavy izany.



*Fitsarana miaramila teny Betongolo ny volana jolay lasa teo.*

Marihina fa tsy andoavambola ny fitsarana miaramila ary karapanondrompirenena sy penina manga ihany no ilaina amin'izany.

Entanina hatrany isika rehetra hanatanteraka izany, satria dia adidin'ny olom-pirenena izany, hoy ny fanambarana avy ao anivon'ny ministeran'ny fiarovam-pirenena.

**Stefa**

Miha-simba ny fiarahamonina

# Ankizilahy 15 sy 16 taona nanolana ankizivavy 12 taona

Tsapa ho miha-simba ny fiarahamonina eto amintsika amin'izao fotoana, na an-drenivohitra, na ambanivohitra. Ankizilahy 15 sy 16 taona no voasambotra, fa nanolana ankizivavy 12 taona.

Tao amin'ny tanàna antsoina hoe Ambohimanombo, fokontany Ampanataovana, Kaominina Antanetikely/Ambohijoky distrikan'Antananarivo Atsimondrano no nisehoan'ity tranga ity, nandritra ny fotoam-pialan-tsasatry ny mpianatra farany teo.

Nahatsikaritra tsy fahatomombanana teo amin'ny fahasalaman'ny zanany ireo ray aman-drenin'ity zazavavy 12 taona ity, ka nanatona mpitsabo. Rehefa natao ny fizahana dia fantatra fa voaolana sy mitoe-jaza 16 herinandro ity zazavavy kely ity, ka nitory teny amin'ny zandary izy ireo.

Nandritra ny famotorana natao no nahafantarana fa tsy vao indray mandeha izy no naolan'ireto tovolahy miisa roa ireto, fa efa matetika fa noho ny fandrahonana natao azy dia tsy sahy nitantara izany tamin'ny ray aman-dreniny izy.

Nosamborina sy natao famotorana tao amin'ny Poste Fixe GN AMPITATAFIKA - Brigade FENOARIVO avy hatrany ireto nahavanona ny fanolanana sy herisetra ara-nofo ary fandrahonana ireto, ka izao naiditra amponja vonjimaika izao rehefa avy nandalo teo anatrehan'ny mpitsara mpanao famotorana.

Ny zandarimaria dia miady ary manenjika ny herisetra atao amin'ny zaza tsy ampy taona, koa aza misalasala manatona ny tobin'ny Zandary akaiky anao raha mahita trangana herisetra toy izany, hoy ny fanambarana avy amin'ny zandarimariam-pirenena.

**Stefa**




*Ireo ankizilahy 2 efa mpanolana sahady.*

Basket 3 x 3, Ankorondrano

# Ho tanterahina ny fitiliana ny ekipam-pirenena Malagasy




*Hetsika "3x3 WorkShop".*

Ho tanterahina eny Ankorondrano amin'ny sabotsy 8 sy alahady 9 ôktôbra 2022ho avy izao, ny hetsika basikety "Telo manao amin'ny telo (3 x 3)", ho fitiliana an'ireo mpilalao LAHY SY VAVY handrafitra ny Ekipam-pirenena malagasy basket 3x3, hiatrika ny fiadiana ny amboaran'i Afrika, izay hatao any EGYPTA amin'ny 3 sy 4 desambra 2022 ho avy izao, sy hiatrika ihany koa ny lalaon'ny Nosy ny taona 2023 hatao eto amintsika. Ny FMBB "Fédération Malagasy de Basket Ball", sy ny MVola dia hanolotra an'izany lalao izany ao anatin'ny ny hetsika "3x3 WorkShop" (Lalao 3x3 Lahy sy Vavy) sy fifanakalozana sy fizarana ho an'ireo mpisehatra rehetra amin'ny lalao 3x3, izay ho tontosaina eny amin'ny kianja mitafon'Ankorondrano. Marihana fa ho bôjo tsy hisy vidim-pidirana ny fanatrehana an'ity hetsika ity amin'ireo andro roa ireo.

**Rainilita**

Rugby Africa Women's Cup 2022

# Ireo fandaharam-potoanan' ny vondrona C

Nivoaka ny fandaharam-potoanan'ny vondrona C, amin'ny fifaninanana fiadiana ny amboaran'i Afrika sady fiadian-toerana, amin'ny WORLD RUGBY WXV 2023, izay hatao any Tunisie, amin'ny 12 ka hatramin'ny 23 ôktôbra 2022 ho avy izao ao. Ao amin'ny kianja "Stade National de Rugby d'EL MENZAH" hatrany, no hanatanterahana an'ireo lalao amin'izany. 14 ôktôbra 2022 : Sénégal # Tunisie, 18 ôktôbra 2022 : Sénégal # Madagascar, 22 ôktôbra 2022 : Tunisie # Madagascar.

**Rainilita**




*Rugby Africa Women's Cup 2022.*

Basket Road To Bal

# Nivory indray ny Kômity mpikarakara

Nivory indray tamin'ny alatsinainy 03 ôktôbra 2022 lasa teo ny Kômity mpikarakara ny hetsika basikety "Road to Bal (Basket Africa League) Madagascar 2022", izay notarihin'ny Filohany, Ramatoa Randriambelo Ny Aina - Commissaire Divisionnaire de police, sady Talen'ny Kabinetran'ny Ministeran'ny Filaminambahoaka rahateo, ho fanomanana tsara an'ity hetsika ho tanterahina eto MADAGASIKARA amin'ny 18 ka hatramin'ny 23 ôktôbra 2022 ho avy izao etsy amin'ny Lapan'ny Fanatanjahantena Mahamasina, ANTANANARIVO ity. Fivoriana niarahana tamin'ireo mpikambana eo anivon'ny Federasiona Malagasy Basketball ( FMBB), notarihan'ny "Manager General", ny Jeneraly ZAFISAMBO Nina Ruphin, sy ireo tompon'andraikitra eo anivon'ny ny Ministeran'ny Filaminam-bahoaka ( MSP), ary ireo tompon'andraikitra eo anivon'ny "COSPN-Club OmniSports de la Police Nationale", notarihan'ny Filohan'ny Klioba COSPN, ny Commissaire SAMY Harison Olivier, izany. Efa antomotra dia antomotra ny fotoana hanatantehana an'ity fifaninanana ity ankehitriny, ka mitohy hatrany ny fiomanana amin'ny fandraisana an'izany hetsika izany. Mitohy ihany koa ny fanomanan'ny COSPN Basket-ball, izay hisolotena ny Malagasy amin'ity fifaninanana Basketball Afrikana ity. Ampahatsiahivina fa miisa 6 ireo firenena ho avy handray anjara amin'ity lalao fifaninanana Afrikana ity dia i : Madagasikara (mpampiantrano), Kenya, Maorisy, Somalia, Zimbaboe ary i Kaomoro.



*Fivorian'ny Kômity mpikarakara ny basket to Bal 2022.*

**Rainilita**

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE**
**01/10/2022 hatramin'ny 08/10/2022**

**- MAMY** (67HA Nord Est) 020 22 318 21/033 74 154 87/032 26 859 84

**- TOKY** (Andrefan'Ambohijanahary) 020 22 264 41/034 11 264 41/034 11 264 42/034 11 264 50

**- NOUVELLE** (Rue Indira Gandhi Tsaralalana) 020 22 370 03/034 22 370 03

**- SOANDRY** (Behoririka près de Luxor) 020 22 228 37/033 11 650 36 /034 98 379 12

**- HANITRA** (Ankorahotra) 020 22 312 81/020 22 350 80

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) /
Airtel :03 35 47 /
Orange :032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 600 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com

**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1353-10-2022
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

**FARITRA ATSIMO ANDREFANA**

# May koa ny faritra arovana Zombitse-Vohibasia

Tao aorian'ny fahamaizan'ny valanjavaboaharim-pirenena arovana: Ankarafantsika any amin'ny faritra Boeny, ny any amin'ny Baie de Baly any Soalala faritra Boeny, ny any Menabe Antimena any amin' ny faritra Menabe, nirehitra koa tamin'ity herinandro ity ny faritra arovana Zombitse-Vohibasia any amin'ny distrikan'i Sakaraha faritra Atsimo Andrefana. Anisan'ny anton'ny firehetana ny fahamainan'ny andro, fa mety ao koa ireo mpandoro tanety fahavalom-pirenena. Araka ny vaovao voaray, nanomboka ny 02 oktobra lasa teo ary mbola mitohy ny famonoana afo any Andranonakanga, atsimo-atsinanan'ny « Centre d'Interprétation » izay nifandrimbonan'ny ekipan' ny Madagascar National Parks, ny foko- nolon'Andranovory ary ny mpitaridia amin'izao fotoana izao. Misy aro afo 8-12 m miaro ny ala avy any ivelany, fa tamin'ity indray mitoraka ity dia afo nisy nandrehitra tao anatin'ny faritra arovana no niseho. Mafy ny ady noho ny tsy fahampian'ny fitaovana, eo ihany koa ny halaviran'ny rano. Manodidina ny 80 ha eo ho eo ny ala may tao anatin'ny roa andro izay.Ankoatr' izany, may ihany koa ny faritr'alan'Ambalabe omaly ka manodidina ny 12 ha ny faritra may ary lohan' afo 3 no tsikaritra ho nitarika izany. Niara-nientana ny fokonolona tao Andralamengoky notarihin'ny Cantonnement forestier an'i Sakaraha ary ny eo anivon'ny OMC Sakaraha izay tarihin'ny Chef District. Mbola mitohy hatrany ny famonoana afo miaraka amin'ny fitaovana eo ampelatanan'ny any an-toerana.



*Ny firehetan'ny faritra arovana Zombitse-Vohibasia, any amin'ny distrikan'i Sakaraha faritra Atsimo Andrefana.*

***Aly***

Ortana

# Any amin'ny vohitra Ifandana Anjeva indray ny «randonnée» manaraka

Any amin'ny vohitra Ifandana kaominina Anjeva distrikan'Antananarivo Avaradrano indray, no "randonnée" manaraka, na fanatanjahantena dia an-tongotra laroina fizahantany, ho karakarain'ny Ortana, na ny Ofisim-Paritry ny Fizahantany amin'ny faritra Analamanga, ho tanterahana ny sabotsy 8 oktobra ho avy izao. 8,5 km ny halaviran-dalana handehan'ny mpandray anjara amin'izany hetsika ara-panatanjahantena sy fizahantany izany, hamakivakian'izy ireo lohasaha sy havoana ao amin'ny kaominina Anjeva. Ny fiaingana amin'izany dia any amin'ny 24 km, atsinanan'Antananarivo amin'io sabotsy 8 oktobra io. Hiakatra njy tendrombohitr'Ifandana avy eo ireo mpandray anjara, ity tendrombohitra ity izay manana haavo 1527 m, ka hahatazanana an'Anjeva sy ny manodidina azy, hisongadina amin' izany ny fahitana ny reniranon'Ivovoka. Amin'ny 7 ora sy sasany ny fiaingan'ny mpandray anjara ho any Anjeva avy eo Antaninarenina, amin'ny 8 ora sy sasany ny fahatongavana any Anjeva ary hanombohan'ny randonnée. Fady henakisoa, sy tongolo gasy ary tongolobe ny toerana handehanana.

***Aly***




*Ny tanànan'Anjeva sy ny manodidina azy.*

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 407**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0406)

***Mitsivalana***
- Solaitra
- Laza (miv)
- Hopitaly
- Anana - Ar
- Fy - Antsa
- Ana - Toak(a)
- Aia

***Mitsangana***
- Sahafa
- Ozonina
- Lapa
- Alina
- Tanty
- Tia - Toa
- Lasa
- Akarina (miv)

## TENY MIFANAPAKA N° 407




**Mitsivalana**

**1.** Fiarovana amin'ny aretina – Hekitara (miv) **2.** Mpanolotra – Nesorina **3.** Anabavin-drainao **4.** Varotana – Tofoka (miv) **5.** Mpanoritra – Foto-tenin'ny fitaizana (miv) **6.** Vangivangy – Tsofoka (miv) **7.** Androany (miv) – Teny sy didy arahina (miv) **8.** Ao amin'ny serasera – Mpanoritra **9.** Enina Romana – Sekretera **10.** Menaka – Matroka (miv)

**Mitsangana**

**A.** Vadin-janaka – Metaly **B.** Loko (miv) – Tsy ao amin'ny tafika (BR) **D.** Karazan-kazo **E.** Voatapaky ny antsy (miv) **F.** Mpanondro manolotra **G.** Tampisaka – Fanoratana (miv) **H.** Andosirako, ialako **I.** Milaza fananana – Naoty **J.** Faritra **K.** Bibikely ao amin'ny volo – Foiben-toerana, akany

### Valiny Teny mifanaraka 0406

**Mitsivalana**

**1.**Fanalahidy **2.** Arina - Elo **3.** Nafenina '**4.** Iny - Tafa (miv) **5.** Neny - Ilo **6.** Endrika - En **7.** Nary - Alina (miv) **8.** Falafa (miv) **9.** No - Sak(a) - RM **10.** Alahamady

**Mitsangana**

**A** Fanorenana **B.** Ara- Na - Lo (miv) **D.** Nifindra **E.** Firenena (miv) **F.**. Laniny - Asa **G.** Malaky (miv) **H.** Hena - Anaka **I.** Ilafy - IF **J.** Do - Lela (miv) - Fy **K.** Mpanota (miv)

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Rajepa, Helisoa

Ny firehetan'ny faritra arovana Zombitse-Vohibasia, any amin'ny distrikan'i Sakaraha faritra Atsimo Andrefana.





Fivorian'ny Vehivavy TIM Analamanga tetsy Bel'Air, hisoratra anarana amin'ny lisi-pifidianana izy ireo, ary hanentana ny olona hisoratra anarana amin'izany fanavaozana faobe ny lisi-pifidianana izany koa.





